



Fandraisan'anjara mivaingana

Ny statistika TEM 2025–2026 → ny ICP OMMS

Ampitahaina amin'ny Plan triennal mondial 2024–2027 — Komity Manerantany ny Skotisma

08

Tatitra nasionaly
nodinihina

11


Domaine de travail
OMMS voakasika

33

Faritany voarakitra (32 +
TEM Fransa)

2025-26

Taom-panabeazana
nodinihina





Inona no nodinihina

Tatitra 8 nasionaly no nangonina

Tatitra Moraly 2025-2026	Fitantanana - fanabeazana - fiaraha-miasa
Tatitra Talenta (Botika)	5 292 talenta - sampana 3
Tatitra Ambaratonga (Botika)	2 659 ambaratonga - faritany 34
Tatitra Fanaparitahana Boky	630 boky - karazany 9
Tatitra Hetsika iraisam-pirenena	1 244 mpandray anjara
Tatitra Fitsidihana Tranombitsika	54 fitsidihana - 5 301 mpitsidika
Tatitra Iraka (Ordre Mission)	52 iraka - faritany 28
Tatitra Serasera (Facebook)	11,8 tapitrisa fijerena - 321 andro

Fanoharana

Plan triennal mondial OMMS 2024-2027

Komity Mondial du Scoutisme - Domaine de travail 11 sy ny ICP mifandraika aminy

Fetran'ny fanadihadiana

- Ny angona TEM dia **vokatry ny asa**, tsy mbola tombana ofisialy OMMS (GSAT).
- Ny ICP OMMS dia mari-drefy **manerana ny OSN 175** — tsy azo ampitahaina mivantana isa-mba-isa.
- Ny fandraisan'anjara TEM dia aseho ho **porofo mankany amin'ny tanjona**.

Paikady: ho an'ny tanjona OMMS tsirairay, tadiavina ny **porofo mivaingana avy amin'ny tatitra TEM** — isa, taham-pitomboana, velaram paritra — dia asongadina ny **bang**a sy ny **dingana manaraka** ho an'ny taom-panabeazana 2026-2027.

Ny rafitra ampitahaina

Ny drafitra OMMS dia mizara ho laharam-pahamehana ara-paikady 7 sy domaine de travail 11. Ireto no fototra hanamarinana ny fandraisan'anjara TEM.

Ho an'ny hetsika - Le mouvement

Laharam-pahamehana 4

- 1 Innover dans le domaine de l'éducation
- 2 Améliorer la diversité et l'inclusion
- 3 Garantir la sécurité et le bien-être
- 4 Valoriser le bénévolat

Fitaovana: Manerantany: Messagers de la Paix • Tribu de la Terre • À l'abri de la maltraitance • Alliés de la santé • Scouts pour les ODD

Ho an'ny fikambanana - L'organisation

Laharam-pahamehana 3

- 5 Une organisation adaptée
- 6 Une organisation capable de s'adapter
- 7 Une organisation influente

Fitaovana: GSAT (outil d'évaluation du soutien global) • Plateforme de services OMMS • Portal de données des OSN

Vina 2033: ny tanjona rehetra dia mari-drefy ho an'ny OSN 176 mpikambana ao amin'ny OMMS.

Domaine de travail 1–11 • Éducation à la paix • Leadership des jeunes • Durabilité environnementale • Programmes éducatifs • Croissance par la diversité • Protection et bien-être • Bénévolat • Gouvernance innovante • Événements OMMS • influence • Cadre d'examen des politiques

Famintinana Ankapobeny

Ny fandraisan'anjara amin'ny isa

5 292**Talenta natolotra 2025-26**

+79,1 % raha oharina 2024-25

2 659**Ambaratonga nojifaina**

Sampana 3 - faritany 34

1 244**Mpandray anjara I C**

+91,7 % (649 → 1 244)

11,8 T**Fijerena Facebook**

+87 % → 321 andro

2 910/620**Mpilasy - Lasy faha-90**

2 250 beazina - 540 mpanabe

46 Vahiny

22 000+**Mpikambana digitalisé**

Carte bio numérique - Baromètre

500**Mpirotsaka an-tsitraro**

Tandindon-doza - faritany 17

55 891**Mpanaraka Facebook**

+31,0 % → 12 909 vaovao

Fehin-kevitra Fototra

Mitombo be ny fandraisan'anjara — fa mifantoka ao Analamanga: 40–49 % amin'ny angona rehetra. Ny fanamby dia ny velaram-paritra, tsy ny habetsahana.

Tatitra TEM → Domaine de travail OMMS

TATITRA TEM	DOMAINE DE TRAVAIL OMMS	LAHARAM-PAHAMEHANA	POROFO FOTOTRA
Tatitra Talenta	DT 4 — Programmes éducatifs	Innover dans l'éducation	5 292 · +79,1 %
Tatitra Ambaratonga	DT 4 — Programmes éducatifs	Innover dans l'éducation	2 659 · faritany 34
Fanaparitahana Boky	DT 4 — Programmes éducatifs	Innover dans l'éducation	630 boky · karazany 9
Hetsika Iraisam-pirenena	DT 1 · DT 2 · DT 9	Éducation à la paix · Jeunes	1 244 · +91,7 %
Fitsidihana Tranombitsika	DT 3 · DT 5	Durabilité · Diversité	5 301 mpitsidika
Tatitra Iraka	DT 8 — Gouvernance innovante	Organisation adaptée	52 iraka · faritany 28
Tatitra Moraly · ODK	DT 6 · DT 7 · DT 8	Bénévolat · Protection	ODK 90 % · 60 %
Tatitra Serasera (FB)	DT 10 — Influence	Organisation influente	11,8 T fijerena

Fanamarihana: ny Domaine de travail 11 (*Cadre d'examen des politiques*) dia asehon'ny fangatahana **GSAT** nalefa teo anivon'ny OMMS sy ny fanavaozana ny rafitra anatiny nataon'ny DFH.

Fanamafisana ny rafitra fitantanana

20

Filoham-paritany nandray anjara

FFP2 — Fampivondronana Filoham-paritany, 15–17 January 2026

Fivek isam-bolana & Mari-Drefy Faritany

Notanterahana hatrany ny **FIVEK** ho an'ny ekipa nasionaly rehetra isaky no roa volana sy ny Departamanta tsirairay. Ny **mari-drefy faritany** kosa: loko **MAVO** no be indrindra amin'ireo vokatry nentina mivantana — mbola tsy tena mifanaraka amin'ny zava-misy eny ifotony.

Sehatra mila fanohanana: **Sehatra IC - Sehatra APF - Sehatra DFH**

90 %

Antontan-taratasy ODK voalamina

Fitantanana ny Olon-dehibe — taham-pahavitrihan'ny ekipa: 60 %

ICP OMMS MIFANDRAIKA

Une organisation adaptée

80 % ny OSN tomanana manana score GSAT mihoatra ny 70 % (2023)

53 OSN (30 %) mandray fepetra hanatsarana ny rafitra fitantanana

-90 OSN (51 %) manana 40 % farafahakeliny mpikambana CA latsaky ny 30 taona

TEM: nelefa teo anivony OMMS ny fangatahanana fiaraha-miasa ho fametrahana ny rafitra GSAT

Fanombanana

Ny fandrafetana ODK (90 % antontan-taratasy) sy ny fivoriana FFP2 dia porofo mivaingana ho an'ny DT 8. Ny taham-pahavitrihana 60 % kosa dia mampiseho fa ny fanatanterahana no fanamby, tsy ny rifatra — mifanandrify tsara amin'ny hevity ny GSAT izay mandrefy ny fahaizana manatanteraka.

DT 3 Durabilité • DT 6 Protection • DT 10 Influence

Fiaraha-miombon'antoka sy asa firotsahana

Asa firotsahana amin'ny fiarahamonina

500

Mpirosaka an-tsitrapo nahetsika nandritra ny tandindon-doza • eo am pangatahana ny fankasitrahana BNGRC / UNICEF

17

Faritany nandray anjara tamin'ny fanampiana ireo tra-boina

2 500

Zanakazo novolena teny amin'ny Tranombitsika • niarahana tamin'ny Havana / Somapro

Mpiara-miombon'antoka voarakitka

Ny Havana • BNGRC • Orange • OON • BNLTEH • UNICEF • MPS • OMMS • SCAC • ICCA • Somapro

Village Numérique Orange: voafidy ny EPP: fihaonana tamin'ny fametrahana Salle Numérique sy ny tetikas'asa • Back to School •. SCAC: natombaka ny tetikasa **Lead'Aho** ho fanahana ireo tetikasa tarihin'ny tanora.

BANGA HITTA

Ny fiaraha-miasa dia betsaka sy manan-danja, saingy tsy mbola voarakitra ho isa mivaingana (mpandray anjara, faritany, fiantraikany). Ho an'ny ICP OMMS izay mitaky **porofo azo refesina**, ilaina ny fandrafetana • fiche projet • isaky ny mpiara-miombon'antoka: tanjona, isa nokendrena, vokatry azo.

ICP OMSs Miandraika

DT 3 — Durabilité environnementale

120 OSN (88 %) manana hetsika ara-tontolo iainana tafiditra (Tribu de la Terre)

• TEM: 2 500 zanakazo • tambolon-kazo SOMAPRO

DT 6 • Protection et bien-être

30 OSN (17 %) mampiditra hetsika fahasalamana (Alliés de la santé)

• TEM: Fandaharana Nutrition TEM-UNICEF • BNLTEH • ONU

Organisation adaptée

35 OSN (20 %) mametraika loharanon-bola vaovao

• TEM: Lead'Aho (SCAC) • vola Tranombitsika

Digitalisation : ny dingana lehibe indrindra

22 000+

Mpikambana efa tafiditra anaty digitalisation

Natomboka ny tetikasa Digitalisation: carte bio numérique, application Tily, any plateforme numérique ho an'ny fitantanana sy ny serasera.

Fampahafantarana ofisialy amin'ny Jolay, andrana amin'ny Aogositra mandritra ny FIFITI.

Baromètre TEM

tily-digital.com • stat. tily-digital.com • fiziantsika.scout.mg

ICP omms mifandraika

« 30 % ny OSN mampiasa angona sy fitaovana nomerika amin'ny asany »

₹ Tem tafiditra: plateforme fitantanana mandeha (tily-digital.com), portail statistika (stat. tily-digital.com), carte bio numérique, application Tily.

₹ Mari-drey hafa: « 44 OSN (25 %) nandrefy ny fiantraikan'ny Skotisma » • ny Baromètre TEM no fitaovana mivantana ho amin'io tanjona io.


₹ Mbola tsy vita: fampifandraisana ny angona TEM amin'ny *Portail de données*

Ity no fandraison'anjara mahery vaika indrindra: TEM dia efa ao anatin'ny 30 % nokendren'ny OMMS.



Talenta: +79,1 % tao anatin'ny herintaona

Nitombo avy amin'ny 2 955 (2024–25) ho 5 292 (2025–26) — fitomboana 2 337 talenta. Fitambarana 2 taona: 8 247 talenta natolotra.



ICP omms mifandraika

Innover dans le domaine de l'éducation

- : 90 OSN (51 %) mampiseho fanatsarana azo refesina amin'ny tolotra ara-panabeazana (2033)
 - : 44 OSN (25 %) nampiditra fanavaozana ao amin'ny fandaharam-pianarana ho an'ny tanora
- Porofy TEM: ny fitomboana +79,1 % amin'ny talenta natolotra dia mari-drefy nivartana ny fanatsarana azo refesina amin'ny tolotra ara-panabeazana — 106 karazan-talenta manerana ny sampana 3.

Talenta nitombo be indrindra: Maitso • MPILASY (+218) | Mavo • MPILASY (+127) | Mena • MPANAO TAOZAVATRA (+35). Ny lohahevitra dia mifanaraka tsara amin'ny asa fanabeazana ifotony.

Ny fahatratrarana ara-jeografika

Sampana Mena

39,4 %

13 / 33 faritany manana tatitra
325 talenta - 12 karazana
Faritany voalohany: **DIANA** (60 talenta)

Sampana Mavo

51,5 %


17 / 33 faritany manana tatitra
1 602 talenta - 23 karazana
Faritany voalohany: **Analamanga Afovany** (338)

Sampana Maitso

72,7 %

24 / 33 faritany manana tatitra
3 365 talenta - 71 karazana
Faritany voalohany: **Analamanga Atsinanana** (529)

Faritany 6 voalohany Nanjifa Talenta (Sampana 3 mitambatra)



27 / 33

faritany nandefa tatitra talenta (82 %)
Tsy nisy tatitra ho an'ny sampana telo:
Boeny • Aghivon'1 Pangalana • Matsiatra Iarindrano • Melaky •
Vatovavy • Fitovinany

Talenta → « Innover dans l'éducation »

TANJONA / ICP OMMS	POROFO AVY AMIN'NY TEM	HEVITRY NY FANDRAISAN'ANJARA
90 OSN (51 %) — fanatsarana azo refesina amin'ny tolotra ara-panabeazana	5 292 talenta 2025-26 +79,1 % hatramin'ny 24-25 8 247 tao anatin'ny 2 taona	Ny fanjifana talenta dia mari-drefy mivantana ny <i>fandraisan'ny beazina ny fandaharam-pianarana</i> . Fitomboana avo roa heny tao anatin'ny herintaona.
44 OSN (25 %) — fanavaozana ao amin'ny fandaharam-panabeazana ho an'ny tanora	106 karazan-talenta manerana ny sampana 3 Mena 12 · Mavo 23 · Maitso 71	Ny fahamaroan'ny karazan-talenta dia porofo fa misy <i>fanavaozana ara-pandaharam-pianarana</i> — indrindra ny Maitso (71 karazana).
120 OSN (68 %) — hetsika ara-tontolo iainana (Tribu de la Terre)	Talenta MPIARO TONTOLO IAINANA (Mena: 26) FAMBOLENA-FIOMPIANA (Mena: 39)	Misy talenta ara-tontolo iainana efa ao anatin'ny rafitra — fa mbola vitsy (8 % ihany amin'ny Mena).
35 OSN (20 %) — fandraisana mpikambana vaovao avy amin'ny vondrona tsy voatsinjo	Mena: 39,4 % faritany ihany Faritany 6 tsy nitatitra Frantsa: Mena 0 · Mavo 0	Banga lehibe. Ny tsy fitovian'ny velaram-paritra dia manohitra mivantana ny tanjona « <i>croissance par la diversité</i> ».

FANDRAISAN'ANJARA MARINA

TEM dia mihoatra ny tanjona ara-kabetsahana: fitomboana +79,1 % amin'ny herintaona iray monja.

FANAMBY SISA


Ny velaram-paritra: sampana Mena 39,4 % ihany. Tsy maintsy tratarina ny faritany 6 mangina.

Tatitra ambaratonga • OT 4 programmes éducatifs

2 659 ambaratonga nojifaina

Karazana ambaratonga 7 voajery, zarazaraina amin'ny Sampana telo, manerana ny fari-piadiidiana 33 (faritany 32 + Faritany Tily Frantsa).

Fizarana isaky ny Sampana



Fandalinana isaky ny Sampana

MENA (1 177): DONAKAFO no be indrindra — 522 (44,6 %), arahin'ny MPIATRIKA (360) sy MPIOMANA (230). MPIHARY VITSY indrindra: 59.

MAITSO (1 177): MPIKATROKA 700 (59.8 %) sy MENAVAZANA 470 (40,2 %) — porofo fa mizotra tsara ny fandrosoana.

MAVO (159): ambaratonga tokana (MPIREMBY). Faritany 12/32 ihany no manana firaketana.

Fanazavana metodolojika lehibe


Ny Sampana Mavo dia latsaky ny antsakany ny roa hafa (6,38 %) tsy noho ny tsy fandrosoana, fa satria ny ambaratonga VKM I sy VKM II an'ny Lovitao dia azon'ny Mpiandraikitra amboarina any ifotony — ka tsy tafiditra ao anatin'ny angona Botika.

Vokatra ho an'ny iCP

Ny fitovian'ny Mena sy Maïtso (46,8 % avy) dia mampiseho rafitra fanabeazana mifandanja — porofo mafy ho an'ny « *amélioration mesurable des offres éducatives* ». Ny fanovana ny fomba firaketana ny Mavo no dingana manaraka.

48,8 % ao Analamanga irery

Faritany 10 Voalohany — Totalin'Ambaratonga



Faritany 6 Tsy Misy Tatita Fividianana

Alaotra Mangoro • Boeny • Fitovinany • Vatovavy • Matsiatra Iarindrano • Melaky

Mety hisy antony roa: ny fahavitrihan'ny fitantanana any an-toerana, na ny fifantohan'ny fandraisana anjara any amin'ny Foibe sy ny manodidina azy.

Faritany Tily Frantsa (Disaspora)

8 ambaratonga (0,3 %)

Mena • Donakafo: 2 | Maitso •Mpikatroka 3, Menavazana 3: 6 | Mavo: 0

Mila fanamafisana ny fifandraisana amin'ny Tily Malagasy any ampitan-dranomasina.

Faritany 5 ao Analamanga: 1.297 amin'ny ambaratonga — 48,8 .

Fifanandrifiana amin'ny ICP OMMS • « La Croissance par la diversité »

Ny ICP OMMS mitaky fa 35 OSN (20 %) handray mpikambana vaovao avy amin'ny vondrona tsy voatsinjo, any 53 OSN (30 %) hanatanteraka tetikasa manokana ho amin'izany. Ny angona TEM dia mampiseho fifantohana 48,8 % ao Analamanga • izany hoe ny fanamby dia tsy ny fitomboana fa ny fitsinjarana ara-jeografika. Ity no laharam-pahamehana vaolohany ho an'ny 2026–2027.

FANOMBANANA AFOVOANY

Fandaharam-panabeazana : aiza no misy TEM

Ny fitambaran'ny angona Talenta + Ambaratonga + Boky dia mamela antsika hanao tombana amin'ny DT 4 — Programmes éducatifs.

TANTERAKA · ATTEINT

Habetsahana ny tolotra 5 292 talenta · 2 659 ambaratonga · 630 boky — fitomboana +79,1 % amin'ny talenta.

Fahamaroan'ny karazana 106 karazan-talenta · ambaratonga 7 · karazam-boky 9. **Fifandanjan'ny sampana** Mena 46,84 % · Maitso 46,8 % amin'ny ambaratonga.

MANDEHA · EN COURS

Velaram-paritra 27/33 faritany mitatitra talenta (82 %) — fa 39,4 % ihany ho an'ny Mena. **Sampana Mavo** Faritany 12/32 ihany manana firaketana MPIREMBY — mila fanovana ny fomba firaketana. **Diaspora Frantsa** 8 ambaratonga · 20 talenta — fototra efa misy, mila fanamafisana.

BANGA · ÉCART

Faritany mangina Boeny · Melaky · Vatovavy · Fitovinany · Matsiatra larindrano · Agnivon'i Pangalana — tsy misy tatitra na Talenta na Ambaratonga na Boky. **Tsy fisian'ny tombana ara-kalitao** Ny angona rehetra dia *fanjifana* (achat), tsy mbola *fahazoana* (validation) — ilaina ny mari-drefy fahafaham-po ho an'ny ICP OMMS.

Fehiny: TEM dia manatanteraka ny « *amélioration mesurable* » ara-kabetsahana — ny sisa tavela dia ny couverture sy ny qualité mesurée.

630 boky torolalana nozaraina

630

Boky nozaraina (Madagasikara + ivelany)

9

Karazany (article) nozaraina


33

Faritant nahazoana fizarana

46 %

Anjaran'ny faritany Analamanga irery (288 / 625)

Fizarana araka ny karazany



ANTSAHA + TOROLALANA MV = 45 % amin'ny fizarana manontolo. VONTADY: 2,9 % ihany.

Faritra 5 voalohany

Anala/AFO 132 • Atsinanana 103 • Anala/Atsin 55 • Analala/Avar 47 • Amoron'i Mania 34

Faritra 5 monja (Analamanga sy Atsinanana) no mitondra 59 % amin'ny fizarana iray manontolo.

Banga sy fizarana ivelany

Faritany 5 (15 %) tsy nahazo na iray aza : Boeny - Agrivon' i Pangalana • Fitovinany • Melaky - Menabe. Faritany 6 hafa : latsaky ny 5 sombiny.

Ivelan'ny Nosy : 5 sombiny ihany amin'ny firenena 3 aminireo / 7 nokendrena (Canada 1 - Amerika 1 - Komoro 3). Maurisy - Afrika Asimo - Antily - Sina: 0.

Fifandraisana amin'ny ICP OMMS: ny fanaparitahana boky torolalana no *fitaovana fototra* hanatanterahana ny fanavaozana ara-panabeazana. Ny fizarana tsy mifanandrify amin'ny faritany dia mampihena mivantana ny fahafahan'ireo faritany hanatratra ny mari-drefy « *amélioration mesurable des offres éducatives* ».

Ny diaspora: fototra mbola marefo

FIJERY MITAMBATRA — TEM ANY IVELANY

Ny fikambanana dia manana **rafitra ofisialy any ivelan'ny Nosy** (Faritany TEM Frantsa) sy **vondron-tily malagasy** any amin'ny firenena 7 nokendrena. Ny angona 2025–2026 dia mampiseho fa mbola **tsy misy fifandanjana** eo amin'ny rafitra sy ny asa voarakitra.

RAFITRA IVELANY	VOARAKITRA
Ambaratonga — Faritany Frantsa	8 (0,3 % nasionaly)
Talenta — Faritany Frantsa	20 (Maitso ihany)
Boky — firenena ivelany	5 (firenena 3 / 7)
Iraka — Faritany ivelany	Frantsa (tafiditra amin'ny 28)
Hetsika iraisam-pirenena	1 244 mpandray anjara

TOLO-KEVITRA

Fametrahana « **correspondant faritany** » isaky ny firenena nokendrena, miaraka amin'ny fandefasana tatitra isan-telovolana — mba ho lasa isa mivaingana ny fandraisan'anjara'ny diaspora.

FIRENENA NOKENDRENA FA TSY MBOLA VOATRATRA

Maorisy · Afrika Atsimo · Antily · Sina

Amin'ireo firenena 7 nokendrena tamin'ny fizarana boky, 3 ihany no nahazo (Kanada 1 · Etazonia 1 · Komoro 3). Ireo 4 sisa dia **mety ho lohahevitra ho an'ny fanitarana ho avy**.

Ny Faritany Frantsa dia **mitovy lanja** amin'ny faritany 32 hafa ao amin'ny lisitry ny fitantanana Tily — ka ny fahavitsian'ny tatitra dia banga amin'ny fanaraha-maso, tsy amin'ny sata.

ICP OMMS MIFANDRAIKA

DT 5 — La croissance par la diversité

53 OSN (30 %) manatanteraka tetikasa manokana handraisana ireo vondrona tsy voatsinjo.

DT 9 — Événements de l'OMMS


Tanjona: 60 % fahatanterahan'ny paikady ho an'ny hetsika OMMS.

► **TEM: MOOT AFRICA 1 · ASD 1 · JOTAJOTI 1 000 · MOP 207**

Hetsika Iraisam-pirenena • DT 1 • DT 2 • DT 9

+91,7 % ny mpandray anjara

Totalin'ny Mpandray anjara isan-taom-panabeazana



Jotajoti

624 → 1 000

+376 olona • +60,3 % | Faritany: 8 → 13 +62,5 %

UK

25 → 36

+11 olona • +44,0 % | Faritany: 15 → 19 (+26,7)

Hetsika vaovao nampidirina tamin'ny 2025-2026

Hetsika	2024-25	2025-26	Fivoarana
Mop	0	207	+207
Moot Africa	0	1	+1
ASD	0	1	+1

MOP (Messengers of Peace) no hetsika vaovao nitondra mpandray anjara betsaka indrindra: 207 olona.

Fitambarana 2025-26: JOTAJOTI 1 000 + UK 36 + MOP 207 + MOOT 1 + ASD 1 = 1 244.

Vokatra: ny hetsika iraisam-pirenena no **fandraisan'anjara mazava indrindra amin'ny DT 1 (Éducation à la paix)** — ny MOP dia hetsika ofisialy « Messagers de la Paix » an'ny OMMS. Miampy ny fandresen'ny JOTAJOTI amin'ny velaram-paritra (8 → 13 faritary), izay mifanandrify amin'ny DT 2 « Leadership des jeunes ».



Fandresena mifanandrify amin'ny fitaovana OMMS

Messagers de la paix

207

Mpandray anjara MOP — hetsika vaovao 2025-26

ICP OMMS: 120 OSN (68 %) manana hetsika fanabeazana ho amin'ny fandriampahalemana tafiditra ao amin'ny fandaharan'asa.

Tem: tafiditra amin'ireo OSN 120 nokendrena.

Tribu de la terre

2 500

Zanakazo novolena — Tranombitsika / SOMAPRO

ICP OMMS: 120 OSN (68 %) hampiditra hetsika ara-tontolo iainana ao amin'ny fandaharan'asa.

Tem: KETRIKA 2.0 (Ace Sud & Nord) • ICCA agriculture de conservation (25 formateur).

Leadership des jeunes

8 → 13

Faritany nandray anjara tamin'ny JOTAJOTI (+62,5 %)

ICP OMMS: 40 % ny tanora ao amin'ireo rafitra fanapahan-kevitra ambaratonga fartra sy manerantany.

Tem: mbola tsy voarakitra ny taham-pisian'ny tanora ao amin'ny CA • angona ilaina.

Hetsika nasionaly manhana ny tanjona omms

Hetsika Nasionaly 2025-2026	Isa Voarakitra	Domaine de travail omms
Lasy Fankalazana faha-90 taona	2910 impilasy	DT 4 Programmes éducatifs • DT 9 Événements
Lasy — sokajy vahiny	620 mpilasy • 46 Anglisy • 1 Rosiana	DT 1 Éducation à la paix • DT 5 Diversité
HTEM « Vivre Ensemble en Paix »	16–24 Mai • seho talenta isam-paritany	DT 1 Éducation à la paix
Master-Class Scout GO Solar	Aogositra 2026 • iraisam-pirenena	DT 3 Durabilité environnementale

Tranombitsika: sehatra fanabeazana sy vola

54

Fitsidihana rehetra
Jan 2025 – Jona 2028

5 301

Mpitsidika
Antonony 98 / fitsidihana


3 045 400

Ariary vola voaangona

33 %

Fitsidihana mihoatra ny 1 andro (18 / 54)

Fizarana araka ny sokajy — 5 301 mpitsidika



Sokajy « HAFA = 30.1 % = **vahoaka ivelan’ny fikambanana** — porofon’ny fahatratrarana ivelany.

Top 5 be mpitsidika

Lasy Nasionaly SFTIMPA 500 • Fiv Analamahitsy 500 • Sekoly Alahady
FJKM Analamahitsy 500 • Fambolen-kazo SOMAPRO 300 • Analamanga
Afovoany 294

ICP OMMS MIFANDRAIKA

Organisation adaptée: 35 CSN (20 %) mametraka loharanom—bola vaovao.
• TEM: 3 045 400 Ar avy amin’ny filsidhana • **salan’isa 574 Ar / mpitsidika.**

DT 3: ny Tranombitsika no toerana nanavana ny 2 500 zanakazo • sehatra Tribu de la terre.


Fanamby ara-fitantanana : ny salan'isa vola miditra (574 Ar) dia ambany noho ny tokony ho izy noho ny fitsidhana • gratuit •, fihenam-bidy asa soa, ary vola mbola tsy voaray. Ny sampana MV • MNFF • MP
• FL dia latsaky ny 5 % avy • mila fampahafantarana manokana.



52 iraka, faritany 28 notsidihina

Oktobra 2025 – Jona 2026 • Ordre de Mission nataon'ny Foibem-pikambanana : **312 fandraisan'anjara'olona** (antony 5–6 isaky ny iraka).

Isan'ny olona nandray anjara, araka ny karazana iraka



Karazana iraka 9. Ny fanokafana taom-panabeazana 2025-2026 no iraka be indrindra. 26 Ordre de Mission

Velaram-paritra ny fanaraha-maso

28/33

faritany na distrika notsidihan'ny ekipa foibe — 85% amin'ny fari-piadidiana, ao anatin'izany ny Faritany Frantsa.

ICP omms mifandraika

DT 7 — Valoriser le bénévolat: fitomboana 30 % ny isan'ny olon-dehibe mpirotsaka an-tstrapo (2033) • 25 OSN (15 %) manatanteraka hetsika fandraisana sy fitazonana mpirotsaka.

TEM: 312 fandraisan'anjara amin'ny iraka + 500 mpirotsaka an-tsitrapo tandindon-doza + 540 mpanabe tao amin'ny Lasy.

Fanombanana • gouvernance innovante (DT 8)

Ny fanatanterahana **52 Ordre de Mission** manerana ny **faritany 28** dia mari-drefy mivaingana ny *fahaizana mitantana sy manara-maso ifotony* — iray amin'ireo lafiny tombanan'ny **GSAT**. Ny fifanoherana hita: ny velaram-paritra amin'ny iraka (85 %) dia **ambony be** raha oharina amin'ny velaram-paritra amin'ny tatitra Botika (82 % talenta, 79 % ambaratonga) — izany hoe **tsy ny fandraisana no banga, fa ny fandefasana tatitra**.

Une organisation influente: 11,8 tapitrisa fijerena

Pejy Facebook ofisialy Tily Eto Madagasikara • vanim-potoana 1 Okt. → 17 Aug. (321 andro) • pikan-tsary Meta Business Suite

11 813 760

Fijerena rehetra

↑ 87 %

55 891

Mpanaraka

↑ 31,0 % + 12 909 vaavao

296 j 8 h

Fotoana nijerena

↑ 177 % + 7 112 ora

1 549 629

Fijerena Reels

↑ 116 % + 252 j 10 h (↑ 152 %)

Tohatra Ny Fifantohana - 321 Andro

Fijerena rehetra • 11813760 - 100 %

Tafita 3 segandra - 780 189 - 6,6 %

Tafita 1 minitra - 88 740 - 0,75 %

Fijerena 3 seg. ↑ 220 % • 1 min. → 244 % • mitombo haingana noho ny fanatrarana ny fifantohana lalina.

Volana Farany • 20 jol. → 16 ag. (28 Andro)

Fijerena **2 120 456** (• 365 %) • seg. **165 531** (• 622 %) • min. **26 185** (• 480 %) • fotoana nijerena **80** | 16 h (• 683 %)

Tao anatin'ny 2 andro fotsiny: **18%** amin'ny fijerena manontolo nandritra ny 321 andro. Ny taham-pahatafitana 3 seg. tamin'io fe-potoana io: **7,8 %** • mihoatra ny salan'isa ankapobeny (6,6 %).

Fanamarihana: mifandray mivantana ny fahazotoana mamoka sy ny vokatra azo.

Fandraisan'anjara amin'ny icp 7a

« 60 OSN (34 %) manatanteraka plan de communication misy serasera ivelany » • TEM: famoahana mitohy 321 andro, Reels no laharam-pahamehana (•89 % amin'ny fotoana fijerena), 3 215 fanehoan-kevitra.

Ny statistika TEM → ny ICPOMMS

TANJONA / ICP OMMS	POROFO TEM 2025-26	LOHARANO	TOETRA	HEVITRA
90 OSN (51 %) — fanatsarana azo refesina amin'ny tolotra ara-panabeazana	5 292 talenta (+79,1 %) 2 659 ambaratonga	Talenta · Ambaratonga	TANTERAHA	Fitomboana avo roa heny amin'ny herintaona.
44 OSN (25 %) — fanavaozana ny fandaharam-pianarana ho an'ny tanora	106 karazan-talenta 7 karazana ambaratonga	Talenta · Ambaratonga	TANTERAHA	Maitso: 71 karazana — velaram-pandaharana lehibe.
120 OSN (68 %) — hetsika fanabeazana amin'ny fandriampahalemana (Messagers de la Paix)	MOP 207 mpandray anjara HTEM « Vire Ensemble en Paix »	Hetsika IC · Moraly	TANTERAHA	MOP no hetsika vaovao lehibe indrindra.
120 OSN (68 %) — hetsika ara-tontolo iainana (Tribu de la Terre)	2 500 zanakazo KETRIKA 2.0 · ICCA 25 formateur	Moraly · Tranombitsika	TANTERAHA	Master-Class GO Solar Aog. 2026.
35 OSN (20 %) — fandraisana mpikambana avy amin'ny vondrona tsy voatsinjo	27/33 faritany mitatitra Analamanga 40–49 %	Talenta · Ambaratonga · Boky	MANDEHA	Faritany 5–6 mangina — laharam-pahamehana.
Fitomboana 30 % ny olon-dehibe mpirotsaka an-tsitrapo (DT 7)	500 mpirotsaka tandindon-doza 540 mpanabe · 312 iraka	Moraly · Iraka	MANDEHA	Ilaina ny tahiry mpirotsaka an-tsitrapo mitohy.
30 % ny OSN mampiasa angona sy fitaovana nomerika	22 000+ mpikambana digitalisé Baromètre TEM · 3 plateforme	Moraly (Digitalisation)	TANTERAHA	Fandraisan'anjara mahery vaika indrindra.
60 OSN (34 %) — plan de communication misy serasera ivelany (7a)	11,8 T fijerena (↑ 87 %) 55 891 mpanaraka (↑ 31 %)	Serasera (FB)	TANTERAHA	Reels no laharam-pahamehana (~89 % fotoana).
80 % ny OSN manana score GSAT > 70 % · 176 OSN (100 %) À l'abri de la maltraitance	ODK 90 % antontan-taratasy Fangatahana GSAT nalefa	Moraly	BANGA	Mbola tsy nisy tombana GSAT ofisialy.
40 % tanora ao amin'ireo rafitra fanapahan-kevitra · 200 forums	3 215 fanehoan-kevitra FB Tsy mbola voarakitra ny CA	Serasera · Moraly	BANGA	Ilaina angona: taona ny mpikambana CA, isan'ny forums.

Ny banga telo mila valiny

01

Ny fifantohana ao Analamanga

Ambaratonga: **48,8 %** ao Analamanga (1 297/2 659)

Boky: **46 %** (288/625)

Talenta: **> 40 %**

Faritany 5–6 tsy nitatitra na iray aza.

Manohitra mivantana ny **DT 5 — La croissance par la diversité** (35 OSN handray vondrona tsy voatsinjo).

02

Fanjifana ≠ fahazoana

Ny angona rehetra avy amin'ny Botika dia **varotra** (achat), tsy **fahazoana voamarina** (validation).

Ohatra: MPIHARY 59 ihany amin'ny Mena — sarotra fantarina raha tsy fahatongavana na tsy fividianana.

Ny ICP OMMS dia mitaky « **amélioration mesurable** » — izany hoe mari-drefy ara-kalitao, tsy varotra fotsiny.

03

Angona ICP tsy mbola misy

- **GSAT**: mbola fangatahana, tsy mbola tombana.
- **À l'abri de la maltraitance**: tsy misy score voarakitra.
- **40 % tanora ao amin'ny CA**: tsy voarakitra ny taonan'ny mpikambana.
- **200 forums**: tsy misy tahiry ny fandraisan'anjara amin'ny *plaidoyer*.

Ireo no **mari-drefy tsy azo ialàna** raha te-hitatitra ofisialy amin'ny OMMS.

FANAMARIHANA METODOLOJIKA LEHIBE

Ny velaram-paritra amin'ny **iraka (28/33 = 85 %)** dia ambony noho ny velaram-paritra amin'ny **tatitra Botika (82 % talenta · 79 % ambaratonga)**. Izany hoe: **ny Foibe dia mifandray amin'ny faritany, fa ny faritany no tsy mandefa tatitra**. Tsy olana ara-pifandraisana ny banga, fa **olana ara-drafitra amin'ny fandefasana tatitra** — izay azo vahana amin'ny alalan'ny fitaovana digitaly efa misy (stat.tily-digital.com).

Tolo-kevitra dimy mivaingana

1

Fandaharana « Faritany mangina »

Fanentanana manokana ho an'ny faritany 6: **Boeny • Melaky • Vatovavy • Fitovinany • Matsiatra larindrano • Agnivon'i Pangalana**. Iraka mitodika manokana + kit fanaparitahana boky: → **DT 5**

2

Fangatahana tombana GSAT ofisialy

Fanarahana ny fangatahana efa nalefa teo anivon'ny OMMS, mba hahazoana **score GSAT voamarina** alohan'ny FIFITI 2026. → **Organisation adaptée**

3

Fanovana ny Baromètre ho fitaovana ICP

Ampidirina ao amin'ny **stat.tily-digital.com** ny mari-drefy OMMS: taonan'ny mpikambana CA, score À l'abri de la maltraitance, isan'ny forums, fahazoana ambaratonga voamarina. → **30 % OSN nomerika**

4

Fanamafisana ny Sampana Mavo sy Mena

Mavo: faritany 20/32 tsy manana firaketana MPIREMBY. Mena: 39,4 % velaram-paritra ihany. Fanentanana + fanavaozana ny firaketana VKM I / VKM II. → **DT 4**

5

Fametrahana « correspondant » isaky ny firenena ivelany + tatitra isan-telovolana

Ny Faritany Frantsa dia manana 8 ambaratonga sy 20 talenta ihany; ny firenena 4 (Maorisy • Africa Atsimo • Antily • Sina) dia tsy mbola voatratra mihitsy. Fametrahana mpandrindra isaky ny toerana, miaraka amin'ny fandefasana tatitra isan-telovolana amin'ny endrika mitovy amin'ny faritany 32. → **DT 5 • DT 9**

Tetiandro Nokendrena

Aogositra 2026: Lasy Fankalazana 90 taona (Moramanga) • andrana Digitalisation mandritra ny FIFITI • Master-Class Scout GO Solar | **Oktobra 2026:** JOTA-JOTI | **2027:** Diniery • fanaraha-maso ny mari-drefy rehetra sy fanolorana ny tatitra ofisialy amin'ny OMMS.

Ny fandraisan'anjaran'ny TEM dia mivaingana sy azo refesina

Tamin'ny taom-panabeazana 2025–2026, ny Tily Eto Madagasikara dia nanatanteraka fitomboana lehibe amin'ny lafiny rehetra — talenta +79,1 %, mpandray anjara iraisam-pirenena +91,7 %, fijerena Facebook +87 %, ary 22 000+ mpikambana tafiditra anaty digitalisation.

Amin'ny **10 ICP** nodinihina avy amin'ny Plan triennal OMMS 2024–2027 : **6 tanteraka, 2 mandeha, 2 mbola banga** — indrindra ny tombana GSAT sy ny angona momba ny fandraisan'ny tanora anjara amin'ny fanapahan-kevitra.

Ny fanamby ho an'ny 2026–2027 dia tsy ny habetsahana intsony, fa ny fitsinjarana sy ny fandrefesana ara-kalitao.

« Ho an'Andriamanitra irery ihany ny Voninahitra »